Fitondrana Rajoelina 3
Voafetra ny fahaizany eo amin'ny lafiny jeôpôlitika

Vokatra fanondrana, Sambava 7
Vidin-davanila 2 miliara Ar tsy nefain'ny mpandraharaha


# NY VALOSOA VAOVAO


Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 29 oktobra 2022 Laharana 1362 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Ambodivona Antananarivo 2
Mitady hanao amboletra haka ny tanin'ny mponina ilay karana

Angôvo 2
## Miandry gropy faha-5 angamba vao tsy hisy delestazy



Nosy Malagasy 7
## Tsy mbola mihevitra ny hamerina izany ny Frantsay



Mpampianatra vacataire , Oniversite 2
## Tsy nandray ny tambin-karamany efa an-taonany maromaro



Kitra Ambohitrolomahitsy 5
## Amboara omby sy ondry ny alahady izao ny famaranana



**Fisolokiana** 3
Nahitana vola sandoka Mandritsara, Manakara, Mahanoro

**Basikety** 6
Fifaninanana nasiônaly N1A indray izao

**Daka kely**
Ialahy tsy mahay hiram-pirenena, ny minisitr'ialahy mpampifamadika sainam-pirenena, tsy izy intsony nareo ry Boaikely a !

Mpampianatra vacataire amin'ny Oniversite

# Sahirana, tsy nandray ny tambin-karamany efa an-taonany maromaro

Sahirana ireo mpampianatra vacataire amin'ny Oniversite eto amintsika amin'izao fotoana, efa an-taonany maromaro izy ireo tsy nahazo ny tambin-karamany, na vacation-ny.
Ny fanadihadiana natao no nahafantarana, fa ny asa tany amin'ny taona 2018, no nisitrahan'izy ireo tambiny farany tamin'ny taona 2021 iny, izany hoe tsy azo hatramin'izao ny an'ny taona 2019 ka hatramin'izao 2022 izao. Manahy izy ireo sao efa ny an'ny taona 2022, na ny aorian'izay ihany no hisitrahany. Manahy koa izy ireo ny amin'ny tsy fangaraharaharan'ny "recrutement", noho ny tsy fisian'ny "bases de données" mazava tahaka ny an'ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena, izay entina manao fampidirana ny mpiasa ho mpiasam-jankana raikitra ampahibemaso.
Miantso ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa, izay mpiahy azy, ireto mpampianatra tsy raikitra eny amin'ny ambaratonga ambony ireto, mba handray andraikitra, sy hamaha izao olana izao. Manana ny anjara toerany amin'ny fampianarana eny amin'ny Anjerimanontolo, ireto sokajina mpampianatra ireto, satria ny mpampianatra raikitra eny ny ankamaroany dia efa nahazoazo taona avokoa.



*Oniversite eto Madagasikara, toeram-pampianarana ambony tsy ilaozan'olana.*

***Niaina***

Ambodivona Antananarivo

# Mitady hanao amboletra haka ny tanin'ny mponina ilay karana

Araka ny fanadihadiana natao teny an-toerana, mitady hanao amboletra haka ny tanin'ny mponina etsy Ambodivona Antananarivo, ilay karana voalaza fa nomen'ny tompon' andraikitra izany tany izany. Ankoatra izany ihany koa, araky ny vaovao azo teny an-toerana dia nisy olona voakarama tonga maraina teny Ambodivona saika handoro ny tanàna. Nisy mpanofa -trano handeha hiasa, ka vao lasa kelikely izy dia nirehitra ny afo. Hoy ireo fokonolona, misy namadika tamin'izy ireo, ka nifampiraharaha tamin'ilay karàna, dia nanaiky ny hiala. Olona 4 izy ireo ary fantatry ny fokonolona hoe iza avy. Noho izany dia tsy manaiky intsony ny fokonolona, fa mitady hanala azy ireo amin'ny fomba feno habibiana ilay karàna, mitady ny handoro ny tanàna.
Tafo miisa 52 no eo amin'izany toerana izany, efa 40 taona izy ireo no teo amin'io toerana io, ka miantso ny tompon'andraikitra hijery akaiky izao raharaha izao.




*Tsy manaiky hiala amin'ny tany nohajariany nandritra ny 40 taona ireo mponina etsy Ambodivona.*

***Stefa***

Fandrarana fanotofana tany

# Nampihena ny vola miditra amin'ny kaominina Ampitatafika

Niteraka fahakiviana ho an'ny Ben'ny tanànan' Ampitatafika Antananarivo Atsimondrano, Rado Ramparaoelina ilay didim-pitondrana mandrara ny fanotofana tany amin'ny faritra manodidina an'Antananarivo, satria nisakana ny asa fampandrosoana eny ifotony ny fanapahan-kevitra. Nanazava ity olom-boafidy ity, fa nampihemotra an'ireo mpandraharaha saika hampiasa vola amin'ny alalan'ny fananganana orinasa eny anivon'ny Kaominina ny fandrarana fanotofana tany nataon'ny fitondram-panjakana, satria manome asa ny tanora no sady mampidibola ho an'ny kitapom-bolan'ny Kaominina ny fanaovana"Remblais" voasoritra ao anatin'ny "Plan d'urbanisme detaillée". Nanamafy ny ben'ny tanàna Ramparaoelina Rado, fa ny fanotofana tany no nahafahan'ny mpamboly vary eny amin' ny faritra Andrefan'Ampitatafika mifehy ny fampidiran-drano ary tsy ahafahan'ny mpianatra sy ny mpampianatra eny amin' ny ambaratonga ambony mampiseho ny fahaizany eo amin'ny fampiharana ny "Plan d'urbanisme" ity fanapahan-kevitra ity. Nilaza ny izy fa tsy tokony ho sakanan'ny fitondram-panjakana intsony ny fanotofana tany mifanaraka amin'ny "Plan d'urbanisme detaillée", no sady voafaritry ny "Levée topographique", mba hahafahana manohy ny asa fampandrosoana maro samihafa ary tokony ho nanatanteraka fakan-kevitra amin'ireo tompon' andraikitra eo anivon'ny Kaominina ny Ministera mpiahy alohan'ny nandraisana fepetra tahaka izao, satria miteraka fahasahiranana lalina ho an'ireo toerana voakasiky ny fandrarana fanotofana tany ny fanapahan-kevitra tahaka izao. Nanao antso avo amin'ny fitondram-panjakana ity Ben'ny tanàna, voafidy tamin'ny anaran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ity, mba hamerina handinika an'ity didim-pitondrana momban'ny fanotofana tany ity ho an'ny taona 2023 ary tsy maintsy hiroso amin'io fanapahan-kevitra io ihany ny fitondram-panjakana rehefa hametraka an'ilay tetikasa "Nouvelle ville". Tsiahivina fa efa nahitan'ny olom-pirenena tombontsoa daholo ny asa fanotofana tany tetsy amin'ny "La City Ivandry", "Tana Water front" Ankorondrano, ny fiantsonana Taxi-brousse eny amin'ny "By-pass", ka tokony haverina amin'ny laoniny ity didim-pitondrana mandrara ny fanotofana tany ity hoy ihany izy.



*Ny ben'ny tanànan'Ampitatafika, Rado Ramparaoelina.*

***Razakambelo Franck***

## Ny Valosoa sy fakafaka

Angôvo

# Miandry gropy faha-5 angamba vao tsy hisy delestazy

Novoizina mafy mihitsy tamin'ny fampahalalam-baovao, fa hilamina ny famatsiana rianaratra, aorian'ny fametrahana ilay gropy fahaefatra any Andekaleka. Nisy mihitsy ny tetiandro navoaka izay nilazana hoe ny Zoma 14 Oktobra hatramin'ny Talata 18 Oktobra ihany no tsy lavorary ny famatsiana rianaratra, fa aorian'io dimy andro voalaza io dia hiverina amin'ny laoniny , hiverina ''normal'' no filazana navoaka .

Marihina fa andro vitsivitsy talohan'io dimy andro io dia efa tsy lavorary ny firehetan'ny jiro, ary ny ampitso Alarobia 19 Oktobra dia efa nifampitady tao anatin'ny haizina ny faritra maro teto Antananarivo Renivohitra ary hatramin'izao dia mbola izany no iainana . Izay vao mazava ny dikan'ilay hoe miverina '' normal', satria ny delestazy dia efa lasa ''normal'' ho an'ny malagasy dia ilay fahatapahana tsy misy fampilazana , fa ny zava-nitranga tao anatin'ny dimy andro dia tsy delestazy no fiantso azy fa fanapahana efa voalaza mialoha.

Ireo tompon'andraikitra ao amin'ny Minisiteran'ny Angôvo sy ny Jirama anefa ,isaky ny mahazo sehatra amin'ny haino vaky jery dia tena matavy resaka tokoa , ny hamintinana ny resak'izy ireo dia ny hoe : mifalia ry malagasy fa ho lasa ny haizina, kanefa inona akory, fa vao mainka aza toy ny tain'omby natsetsindava-bary ka indroa nahita ny maizina.
Ny mpitondra faratampony eto amin'ny firenena mihitsy no efa zatra mamahan-dainga ny vahoaka, nanomboka tamin'ny fakana fahefana tsy ara-dalàna tamin'ny taona 2009 izany, nitohy tamin'ny fampielezankevitra tamin'ny fifidianana 2018 ny filazana habobo , ary izao efa mahazo fitondrana izao, vao mainka manararaotra toy ny banga mihomehy amin' ny alina amin'ny bala rora, tsy resaka delestazy ihany no ambara etoana, fa ny lafin-javatra rehetra mihitsy no ahenoina fampanantenana poakaty mivoaka avy amin'ny vavan'ny mpitondra.

Tonga ny fahavaratra efa mirotsaka ny orana ary efa misy koa ny kotroka sy ny tselatra, dia mahazo aina kely ny Minisitera ny Angôvo sy ny Jirama, satria misy ny toetrandro azo anilihana ny fahatapahana, kanefa tsy afa-bela ihany koa satria tokony hampihena ny fampiasana solika ny fisian'ny orana. Ny azo antoka aloha dia mety hivoaka ny feo izay manambara fa aorian'ny fametrahana ny gropy faha-5 dia tsy hisy intsony ny delestazy, ary ho lazaina amin'izany fa ho ritina mihitsy ny ranon'Ikopa mandritra ny fametrahana io gropy faha-5 io.

***Ny Valosoa***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
**Andry R.**

Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana Rajoelina

# Voafetra ny fahaizany eo amin'ny lafiny jeôpôlitika

Mitsidaikadaika na misababaka famindra ny fitondrana Rajoelina eo amin'ny lafiny jeostratejika sy jeôpôlitika, na ny fifandraisana iraisam-pirenena. Miharihary mazava tsara izany ankehitriny amin'ny resaka momba ny raharaha Ukraine sy Russie, tamin'ny fanapahan-kevitra teo anivon'ny Firenena Mikambana, na fanalana tamin'ny toerany ny minisitry ny raharaham-bahiny teo aloha izay efa nosoloina maimaika be ihany. Teo koa ny raharaha momba ny amin'ny dinika faharoa, sy momba ireo delegasiona malagasy vaovao hiatrika ny delegasiona avy amin'ny mpitondra frantsay. Na iry voalohany na ity faharoa farany dia maneho mazava, fa tsy mahafehy izany sehatra izany ny fitondrana malagasy. Manaporofo izany ny tsikera maro samihafa avy amin'ireo olom-pirenena isan-tsokajiny, indrindra ireo manam-pahaizana momba izany.

Tsy mazava ny lalan-kizoran'i Madagasikara rehefa tojo tranga sarotra toa ny an'i Ukraine sy Russie. Tsy matotra sy miovaova ny fanapahan-kevitra raisina ary tsy sahy maneho mazava sy hentitra fa zary toa mihafihafy. Tsy nahitsy ny fomba nolazaina ny amin'ny fiandrianam-pirenena raha tsy efa sahy nilaza izany ny senegaley, ary manamafy izany ny tsy fahitana hevitra ambara hafa intsony ankoatran'izay. Tsy mitovy anefa fa samy manana ny maha izy azy ny firenena afrikana ary toy izany koa ny zava-misy atrehin'ny tsirairay ao aminy. Fitenin-dRajoelina teo aloha teo ny hoe : ho môdely aty Afrika i Madagasikara, hitodika aty amintsika ny mason'izao tontolo izao. Raha izany tokoa dia manan-kambara hafa fa tsy maka tahaka ny ambaran'ny firenen-kafa ny fitondrana malagasy na manara-drian-drano fotsiny, ary ny ambarany amin'izany mitombona mazava amin'ny raharaha sarotra toy ny ao Ukraine sy Russie izao. Tsy izany anefa no hita sy re. Filazana mba manana ny lanjany sy vesatra, fa tsy izay efa fandren'ny olona ihany na misy amboamboarina toy ny nolazaina tany ivelany ireny na tany amin'ny Firenena Mikambana na tany amin'ny nahazoana ilay amboara amin'ny resaka indostria, izay niteraka adihevitra be ihany koa io teto amin'ny firenena, ary noezahina izay hampangingina maimaika azy, satria tsy naharesy lahatra ny olom-pirenena maro. Hatreto tsy fantatry ny vahoaka malagasy marina izay hevitry ny fitondrana malagasy momba io raharaha iraisam-pirenena io. Raha toy izao hatrany no fandehan'ny raharaha, tsy hita soritra mazava ny hevitry ny fitondrana, dia azo adika izany ho tsy fahaizana mifehy ny jeôpôlitika eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Ny anankiray ihany koa, dia ny momba ny dinika amin'ireo Nosy malagasy bodoin'ny fitondrana frantsay. Efa tsikera be no ataon'ny olom-pirenena na ny antoko saropiaro mafy amin'ny fiandrianam-pirenena, toy ny Otrikafo ohatra, ny amin'ny hanaovana ny dinika any Frantsa. Toy ny mandady manana ny rariny ny fahitany izany nefa toa mety amin'ny fitondrana. Hita rahateo fa miezaka mandrirarira ny resaka ny fitondrana frantsay ao anatin'izany, ary ezahiny ny hametrahana amboletra ny heviny satria fantany ny lanjan'ny fitondrana Rajoelina ary voarefiny. Tranga voakasik'izany ny amin'ny Nosy Glorieuses na Nosy Sambatra, izay kasainy atao valan-javaboahary arovana na iaraha-mitantana. Zary kely hery anefa ny fitondrana Rajoelina hanoherana ny ho setrin'izany. Manambara izany ny fanovana ireo olona ao anaty delegasiona hanao izany dinika faharoa izany, izay tsy mbola fantatra mazava indray koa hatreto ny daty hanatanterahana izany, raha nolazaina hatramin'izay fa amin'ny fiandohan'ny volana novambra ho avy izao. Ny tsapa dia tsy afaka manome na mamaritra hentitra fotoan'andro na daty hihaonana amin'ny delegasiona frantsay ny fitondrana Rajoelina. Izay ilay ambaran'ny mpandinika hoe "mandady manana ny rariny". Tsy hahatafavoaka "baolina", araka ny fomba fiteny, araka izany izao fitondrana izao. Midika zavatra be rahateo ny fanovana lava izao ny olona mitana ny toeran'ny minisitry ny raharaham-bahiny Malagasy, izay nahitana lesoka hatrany. Hiandry inona na hanantena inona amin'izany ny vahoaka Malagasy? Fitondrana izay mihevitra ny handeha irery sy miseho hahavita samirery ny raharaha, fa tsy mila ny fanampiana na ny fanohanan'ny hafa eto amin'ny firenena. Azo lazaina ho saro-toerana na ratsy toerana eo amin'ny fifandraisana iraisam-pirenena i Madagasikara, noho ny tsy fahafehezana ny lafiny jeôpôlitika na jeôstratejika raha araka ireo tranga ireo. Tsiahivina, ny filoha Ravalomanana tamin'ny fotoana nitondrany dia nampiaiky firenena maro na ireo firenendehibe aza, amin'io fahaizana mandresy lahatra io eo amin'ny lafiny diplômatika, ary nanana ny toerany i Madagasikara tamin'izany. Mipetraka ho tantara izany na dia noezahin'ireo mpanao politika maloto nokosehina aza. Mila mianatra sy maka traikefa momba izany ny fitondrana ankehitriny. Manahirana ny saina ihany ny mieritreritra an'izany.

**Sôh'son**

Fisolokiana

# Nahitana vola sandoka Mandritsara, Manakara, Mahanoro

Miparitaka amin'ny faritra sasany eto Madagasikara amin'izao fotoana ny vola sandoka, nahitana izany ny tany Mandritsara faritra Sofia sy ny tany Manakara faritra Fitovinany, raha ny afak'omaly, efa nahitana izany koa ny tany Mahanoro any amin'ny faritra Atsinanana.

Tany Mandritsara: olona iray avy naka vola tamin'ny "cash point" iray tao Mandritsara, no nahatsapa rehefa tonga ny fotoana nampiasany an'ilay vola fa vola sandoka ity an-tanany. Naveriny tany amin'ny toerana nahazoany azy ilay vola, ka tao no fantatra fa nomen' olona vola sandoka, olona nanao dépôt ilay tompon'ny "cash point" tamin'ny fotoana tsy fantany. Nosoloany araka izany ilay vola tamin'ny farany.

Tany Manakara, lehilahy iray no saika hanao "dépôt" vola sandoka iray tapitrisa ariary tamin'ny Kiôska iray tao an-toerana. Ilay ramatoa mpiandraikitra ny Kiôska no nahatsapa fa vola sandoka ny 20.000 Ar voalohany voarainy, ka rehefa nojerena tsara dia vola sandoka avokoa izy rehetra nitentina 1.000.000 Ar. Nilaza ilay lehilahy nitondra vola io tamin'ny voalohany, fa tamin'ny zazavavindrano hono no nahazoany an'ilay vola. Niova anefa ny teniny rehefa nofotarana mafy izy ka nilaza, fa nisy olona naniraka azy hanao "dépôt". Nampandre ny mpitandro filaminana ilay ramatoa miasa ao an'ity Kiôska ity noho izany, ka notanana ilay lehilahy.

Tany Mahanoro, amin'ny fotoana mahavokatra ny jirofo izao any an-toerana no hisian'ny vola sandoka, efa nisy ny saron'ny mpitandro filaminana tamin'izany. Mila mailo hatrany arak'izany ny rehetra rehefa mandray vola, sao tratran'ny sandoka. Tsiahivina fa gadra sy asa an-terivozona mandra-pahafatiny ny sazy, ho an'ireo minia manao izany tsy fanarahan-dalàna izany.

**Niaina**




*Vola Malagasy, misy olon-dratsy mahavita manao sandoka an'izany vola izany.*

Depiote Emilien Ramboasalama

# Nandray ny avy amin'ny IDA na Institute for Defense Analyses

Mandalo eto amintsika amin'izao fotoana, ny iraka avy amin'ny ivontoerana Amerikana misahana ny resaka fanaovana tolo-dalàna sy volavolandalàna. Nandray ny delegasiona Amerikana Linda S. Bishai, Ph.D. sy Theresa "Tiki" Mitchell J.D avy ao amin'ny IDA: Institute for Defense Analyses afak'omaly, tao amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena ny Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-4, Ramboasalama Emilien, izay sady filoha lefitry ny Vaomiera maharitry ny fiarovam-pirenena ao amin'ity andrimpajakana mpanao lalàna ity. Niatrika ny dinika koa ny solontena avy ao amin'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena sy ny Etamazaorin'ny Tafika. Ny lahadinika noresahana tamin'izany dia ny: "amélioration des textes de lois sur la justice militaire", na ny fanatsarana ny rijantenin-dalàna momba ny fitsarana eny anivon'ny foloalindahy, sy ny "conséquences des dommages subies par la population civile à cause des actions militaires", na ny fiantraikan'ny asa ratsin'ny miaramila sasany eny anivon'ny mponina sivily. Tato ho ato, nisy ny asa ratsin'ny foloalindahy sasany eny anivon'ny mponina sivily, ilaina ny fiarovana ny mponina sivily amin'ny lalàna mahakasika azy ireny.



*Ny depiote avy amin'ny Boriboritany faha-4 eto Antananarivo renivohitra, voafidy tamin'ny lisitry ny antoko TIM, Ramboasalama Emilien.*

**Isambilo**

TONONKALO

## NY MPITONDRA SY NY ROSIANINA

Tsy afa-miala ve `nareo fa nofatoran`ny rosianina  
Amin`ny tsipitsipy kely noho `nareo ilay tendan-kanina?  
Ny fitaovam-piadiana , ireny ve no ianteherana,  
Sy ampiasaina hatrany hatrany hoenti-manamafy toerana ?

Tsy afa-miala ve `nareo fa nofatoran`ny rosianina,  
Ka naleo nivadi-dela sy somary nody fanina?  
Ny safidin`ny minisitra , iraky ny fanjakana,  
No indro indray fa dia nolavina , ary izy nodakana ?

Moa tsy izay no politika mahazatra hatramin`ny ela,  
Izay fanaonareo mpitondra tia mivadibadi-dela ?  
Anio manao ny velirano , ampitso indray manota fady.  
Tena hoe mpitondra marina sa mpamarina any an-kady ?

Tsy afa-miala ve `nareo fa nofatoran`ny rosianina,  
Ka ny tombontsoam-bahoaka zary tena nohamaivanina?  
Ny hiletra , hiletra hatrany sy ho voky hatreny an-tenda,  
Izay no tena imasoana fa tsy ahoana ny ho kenda ?

Tsy afa-miala ve `nareo fa nofatoran`ny rosianina ?  
Iza marina no ambony , iza marina no andrianina ?  
Moa dia hahazaka firy raha hikimpy itony maso ?  
Mihevera ry mpitondra , ny fisainana alefaso !

**DADAN`i ZINA (25-10-22)**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny depiote Ramboasalama Emilien avy amin'ny antoko TIM ao amin'ny Boriboritany faha-4, nandray ny delegasiona Amerikana Linda S. Bishai, Ph.D. sy Theresa "Tiki" Mitchell, J.D avy ao amin'ny IDA (Institut for Defense Analyses), amin'ny maha filoha lefitry ny vaomieran'ny fiarovam-pirenena azy ao amin'ny Antenimierampirenena.**









**Ny fifaninanana baolina kitra : foot à 7, any Ambohitrolomahitsy distrikan'i Manjakandriana, karakarain'ny mpandraharaha sady mpanao politika tanora Randriamparany Jean Bosco.**









## NY TENY FIAINANA

*Fa ny fanahy ana dia hampisotroiko, ary ny fanahy mihaosa rehetra dia hovokisako.*
***Jeremia 31 : 25***

FAHAZOANA HIATRIKA NY "MONDIAL RUGBY 2023"

# Hiatrika ny ½-dalana ny Makis Ladies XV



*Makis Ladies XV tafaverina teny Ivato.*

Tafaverina an-tanindrazana tamin'ny alatsinainy 24 ôktôbra 2022 ny delegasiôn'ny rugby Malagasy, nisy an'ireo mpilalaon'ny Makis vehivavy, avy niatrika sy niaro ny voninahipirenena nandritra ny Rugby Africa Women's Cup tany Tunisie, ny 14 hatramin'ny 22 ôktôbra 2022 lasa teo. Tsiahivina fa nivoaka ho laharana voalohany tao amin'ny vondrona C nisy azy ny Makis Ladies XV, rehefa nahazoany fandresena avokoa ireo lalao roa nataony. Hiatrika ny lalao ankatoky ny famaranana hiaraka amin'ireo ekipa 4 tafavoaka laharana voalohany isam-bondrona tamin'ny Africa Cup Women farany teo ny Makis Ladies XV, ka izay voalohany amin'izany no voahosotra ho tompondakan'i Afrika 2022 ary hahazo ny tapakila hiatrehana ny fiadiana ny amboara erantany amin'ity rugby vehivavy ity izay hatao amin' ny taona 2023.

***Rainilita***

Kitra Ambohitrolomahitsy

# Amboara omby sy ondry, ny alahady 30 oktobra izao ny famaranana



*Ekipa anisan'ny mandray anjara amin'ny foot à 7 any Ambohitrolomahitsy Manjakandriana.*

Tonga amin'ny lalao famaranana amin'izao fotoana ny lalao baolina kitra lalaovina olona 7 na foot à 7, karakarain-dRandriamparany Jean Bosco, filohan'ny Jeune TIM Ambohitrolomahitsy any amin' ny distrikan'i Manjakandriana, lalao hatao any amin'ny kianja Analamanjaka, hiadiana coupe, na amboara omby sy ondry 2. Amin'ny alahady 30 oktobra izao no hatao ny lalao famaranana.

Coupe omby sy ondry lehilahy:
Aigle Noir Maroary hikatroka amin'ny FC Sabotsy zokiny Ambohitrolomahitsy.
Coupe ondry vehivavy:
Fc Sabotsy hifandona amin'ny FC Ambohitrolomahitsy.

Tsy hisy vidim-pidirana ireo lalao ireo. Nanambara ny mpikarakara Randriamparany Jean Bosco, fa mila tohanana hatrany ny fanatanjahantena. Tiako Ambohitrolomahitsy, tiako ny tanindrazako no anisan'ny antony anaovana izao hetsika ara-panatanjahantena izao, hoy ihany izy. Hisy fanentanana isan-karazany koa mandritra izao hetsika ara-panatanjahantena ny alahady ho avy izao io.

***Lita***

CFEM

# Nahazo mpitantana vaovao ny Pro League




*Ireo mpitantana vaovaon'ny CFEM.*

Nontosaina tetsy amin'ny kianjan'i Mahamasina tamin'ny sabotsy 22 ôktôbra 2022 lasa teo ny AGE « Assemblée Générale Elective » voalohany, an'ny fikambanana CFEM « association des Clubs de Football Elites de Madagascar ». Nisy nialohan'ny fifidianana natao, ny fanaovana an'ireo tatitra samihafa nataon'ny mpitantana teo aloha, ka ny klioba 16 mpikambana ao amin'ny fikambanana dia nanome «quittus » ho an'ny taom-pilalaovana 2021-2022. Lany tamin'ny vato 12 tamin'ny 16 nanan-kery ho Filohan'ny fikambanana kosa, tamin'ny fifidianana natao i Rakotoarimanana Henintsoa (Tôta), izay kandidà tokana tamin'ity fifidianana ity. I Arno Steenkist kosa no filoha lefitra voalohany ary filoha lefitra faharoa Randrianirina Laurent. Mandrita ny 3 taona (2023-2025) ny fotoam-piasan'izy ireo.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy legioma** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Ny legioma ampiasaina dia ovy, karaoty, korzety; hasiana sakamalaho sy voatabia na tômaty koa miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny salady



Ny soa azo avy amin'ny salady indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manala tavy mampihena vatana, tsara ho an'ny olona manana tosidrà ambony sy cholestérol ambony, mahasalama ny fo, tsara ho an'ny olona diabetika, mampitombona ny tahan'ny glycémie. Sakafo alcaline, tsara ho an'ny olona marary aty sy vavony, misy omega 3, tsara ho an'ny saina. Manampy ny olona amin'ny torimaso, ho an'ny olona izay tsy mahita tory. Manampy amin'ny fandevonan-kanina, tsara ho an'ny olona mararin'ny cancer na homamiadana, miaro amin'ny aretina cancer ihany koa. Misy proteina izay ilain'ny vatana.
Tsara ho an'ny hoditra sy ny volo, mahasalama azy. Tsara ho an'ny taolana. Miady amin'ny fanaintanana anaty. Mampatanjaka ny hery FIAROVANA. Tsara ho an'ny maso. Tsara ho an'ny vehivavy mitondra vohoka. Miady amin'ny tsy fahampiana rà. Mampatanjaka ny hozatra. Tsara ho an'ny olona mitebibety lava, kivy, mitaintaina, ankoatra ny olana misy eo amin'ny fiainana dia mety ho tsy fahampiana singa ao anatin'ny vatana ihany koa no mahatonga ny fitembitebena, fikorontanan-tsaina: ao anatin'ny salady no ahitana izany singa izany. Atao lasary na atao jus dia izy. Tsara ny mihinana azy isan'andro, fa diovina tsara rehefa mikarakara azy, sasana tsara.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambohidronono any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Ambohidronono any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambohidronono ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 21 mandrafitra ny distrikan'i Moramanga. Azo lazaina ho avo toerana izy satria 893 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Any atsimo andrefan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga. Mpiompy akoho amam-borona koa ny mponina any Ambohidronono. Miompy omby vavy be ronono, ka mamokatra ronono.



Taksibe nihodina an-dalana

## Nosaziana sy nogiazan'ny polisy

Misy manao ny ataony mihitsy ireo mpitatitra taksibe eto Antananarivo sy ny manodidina, sendra ny mpandeha nahay azy koa izy ireo omaly, ka dia nifampitana ny andaniny sy ny ankilany ary niafara hatrany amin'ny polisy mihitsy. Taksibe 109 iray saika nihodina an-dàlana teo Anosy Tribonaly sady hanala mpandeha, no tsy namelan'ireo mpandeha: nidirikina sy niray hina avokoa ny mpandeha rehetra, tsy nisy nety niala izy ireo, ny resevera sy ny mpamily mbola nahay vava be sy be mokondoha ihany: antsoy hoy izy ireo ny manam-pahefana na i Prezidà fa tsy matahotra izahay. Tena tsy nety niala mihitsy ny mpandeha ary tena niantso polisy. Avy hatrany dia nandray andraikitra ny polisy, nampiditra ilay taksibe 109 tao amin'ny Positry ny Polisy sady nanasazy azy ireo sy nampandoa lamandy.

*Stefa*




*Ilay mpamily sy ny fiara nentiny, saika hihodina an-dalana.*

Gabon sy Barea U23

## Anio ny lalao miverina

Anio ny lalao miverina amin'ny fifanintsanana ho amin'ny CAN U23 eo amin'i Gabon sy Madagasikara. Teo amin'ny lalao mandroso, lavon'ny Panthères Gabonais an-taniny ny Barea U23, teo amin'ny kianjan'i Mahamasina tamin'ny alahady  lasa teo. Teo amin'ny minitra fa 65 no nampidiran-dry zareo Gabonais an'io baolina tokana niantoka ny fandreseny io ary faly loatra tamin'izany fahombiazana azony izany ry zareo Gabonais, ka nitsambikinany sy nandihizany aok'izany ireto seza fipetrahana tao amin'ny "vestiaire" nampiasain'izy ireo tao amin'ny kianjan'i Mahamasina. Nisinisy ihany ny fahasimbana, ka niteny ny mpikarakara an'ity kianja ity, fa tsy maintsy tokony ho soloin'ny Gabonais ireo entana nosimbainy ireo, ka handefasana ny pitsompitsony mikasika an'ireo simba izy ireo. Tsetsatsetra tsy aritra no ilazana fa samy nilalao 9 an-kianja ny roa tonta tetsy Mahamasina tamin'ny farany. Ho henjakenjana, araka izany, ny lalao miverina ho tontosaina any Franceville Gabon amin'ny sabotsy 29 ôktôbra 2022.

*Rainilita*



*Ny seza simba tao Mahamasina.*

Kaominina Alasora

## Nankasitraka mpianatra mendrika tamin'ny bacc teknika farany teo



*Ny mpianatra Rabarijaona Anthonio (ankavia), sy ny ben'ny tanànan'Alasora.*

Nankasitraka mpianatra mendrika, tamin'ny fanadinana bakalôrea teknika farany teo, ny kaominina Alasora distrikan'Antananarivo Avaradrano, tarihan'ny ben'ny tanàna Jimmy Randriantsoa. Rabarijaona Anthonio, 19 taona, mponin'Alasora dia nahazo ny mention Très bien tamin'ny Bakalorea teknika farany teo, nianatra ary nanaraka ny sampam-panofanana Technicien en Maintenance Electro-technique (TMEL), noho izay fahamendrehany izay no nahatonga ny fiadidiana ny tanàna nanome fankasitrahana azy. Araka ny nambarandRabarijaona Anthonio, maniry ny ho lasa injeniera ny tenany. Ny kaominina Alasora dia manome lanja hatrany ny lafiny fanabeazana, ary mitondra fankasitrahana hatrany koa ho an'ireo mpianatra mendrika avy amin' ny kaominina, na amin' ny fanadinana CEPE, na BEPC, na bacc.

*Aly*

CAN Beach Soccer Mozambique 2022

## Lavon'i Sénégal 8-4 ny Barea Beach soccer

Lavon'i Sénégal tompondaka farany tamin'ny isa 8-4 ny Barea Beach soccer, tamin'ny lalaom-bondrona fahatelo farany natrehany tamin'ny alatsinainy 24 ôktôbra 2022 lasa teo, tao amin'ny kianja "Vilankua Beach Soccer Arena" any Mozambika, eo amin'ny fifaninanana "CAN Beach Soccer Mozambique 2022". In-3 resy ny Barea Beach Soccer tamin'ity fifaninanana ity, fa efa nandresy azy avokoa na i Egypte na i Ouganda tamin'ny lalao roa voalohany nataony. Nifarana teo izany ny diany tamin'ity fifaninanana ity. Natokana hialana sasatra tamin'ny talata 25 ôktôbra 2022 ho an'ireo ekipa rehetra mandray anjara amin'ity fifaninanana ity, fa omaly alarobia 26 ôktôbra no niverina niatrika ny lalao ankatoky ny famaranana ireo tafita amin'izany, ka nifanandrina tamin'i Mozambika mpampiantrano i Sénégal ary i Maraoka kosa nifampitana tamin'i Egypta. Ny tompondaka sy tompondaka lefitra amin'ity Beach Soccer AFCON ity, no tafita amin' ny fiadiana ny ho tompondaka eran-tany, hatao any Abu Dhabi amin'ny taona 2023 hisolo toerana an'i Mozambika sy Sénégal niatrika an'izany tamin'ny taon-dasa.




*Sénégal sy ny Barea Beach Soccer.*

*Rainilita*

Rugby teny Andohatapenaka

## Rava tsy lera ny lalaon'ny Ftm sy Ftma

Tontosa teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka tamin'ny alahady 23 ôktôbra 2022 tontolo andro, ny fanombohan'ny fifaninanana rugby "Tounoi Repechage Top 20" sy "Tournoi Champion du Quartier ". Niady dia niady avokoa ireo lalao 4 notontosaina tamin'izany, saingy ny lalao farany nikatrohan'ny Ftm Manjakaray sy ny Tfma Ankasina no rava tsy lera rehefa nanatombo an'isa (14-09) ny Dakar. Voka-dalao rehetra tamin'io andro io : XV AVENIR 17-16 3F5, UASC 26 - 22 FTA Andavamamba, USA Ankadifotsy 21 – 29 TFA Anatihazo, FTM Manjakaray 19 – 06 Tfma Ankasina (rava tsy lera). Fandaharan-dalao amin'ny faha-30 ôktôbra ho avy izao "Tounoi Repechage Top 20" : 09:00-3F5 Amboditsiry # Fta Andavamba, 11:00-XV Avenir # Uasc Cheminots. "Match de défi " : 13:00-Scb Besarety # Fbm Bemasoandro, "Tournoi des Boites" : 15:00-Stm Savonnerie # Uscar Commune.

*Rainilita*




*Rugby eny Andohatapenaka.*

Basikety

## Fifaninanana nasiônaly N1A indray izao



*Basket N1 A lahy sy vavy.*

Ny fifaninanana nasiônaly N1 A indray izao dia ny « Final four N1A Hommes » sy ny « 2ème phase N1A Dames », no hetsika manaraka eo amin'ny taranja basikety Malagasy, taorian'ny nahatontosan'ny fifaninanana Road To Bal farany teo. Amin'ny zoma 28 ôktôbra ka hatramin'ny alahady 06 nôvambra 2022 etsy amin'ireo kianja "Terrain basket (Kianja Barea)", sy ao amin'ny « Palais des Sports Mahamasina », no hanatanterahana an'ireo fifaninanana ireo. Mba hisokatra hoan'ny fifaninanana ôfisialy ihany izany noho ny farany ireo kianjana basikety marobe misy ao amin'ny kianjan'i Mahamasina ao ankehitriny.

*Rainilita*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**22/10/2022 hatramin'ny 29/10/2022**

- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène social) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50/033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/034 89 056 09
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1362-10-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

VOKATRA FANONDRANA ANY SAMBAVA

# Vidin-davanila 2 miliara Ar eo tsy nefain' ny mpandraharaha



*Lavanila, vokatra anisan'ny mampalaza an'i Sambava faritra Sava.*

Nivoaka tamin'ny fahanginany ireo mpamokatra vokatra fanondrana lavanila any Sambava faritra Sava, volan'izy ireo mitentina hatramin'ny 2 miliara Ar, tsy nefain'ireo mpandraharaha any an-toerana. Nivondrona ny solontenan' ireo tantsaha mpamokatra lavanila any Sambava, faritra SAVA, izay nahatsiaro ho tratry ny fivadiham-pitokisana nataon'ny mpividy ny vokatr'izy ireo, ka misy amin'ireo Mpandraharaha ara toekarena ampangain'ireto tantsaha ireto, ho nampihitsoka izany vidim-bokatr'izy ireo izany. Mahatratra any amin'ny 2 miliara Ariary ny vola tsy voaloa hatramin' izao, araka ny fanazavana.

"Misy fotoana natao hanginana, fa misy fotoana ihany koa no hitenenana ny maharary, manoloana ny tsy nandoavana ny hatsembohan'ny tavanay tamin'ny vokatra lavanila. Miantso ny mpitondra foibe any ambony any izahay, mba hitodika kely amin'ity olana mianjady aminay tansaha ity, fa noana, te hihinana, mosary, ary tsy mahita: aiza no hiantorahana izahay ankehitriny", ireo no fitarainana nataon'ireto mpamokatra lavanila ireto tamin'ity herinandro ity. Marihana fa misy amin'ireto mpamokatra lavanila mitaraina ireo, no efa nanana vola nahitsoky ny mpandrahara, nanomboka ny taona 2017, ary tsy mbola voaefa izany hatramin'izao.

**Aly**

Nosy Malagasy

# Tsy mbola mihevitra ny hamerina izany amintsika ny Frantsay

Tsy mbola mihevitra ny hamerina ireo Nosy Malagasy, na Iles Eparses amintsika Malagasy ny Frantsay. Araka ny fanambarana nataon'ny ministra misahana ireo tany frantsay ivelan'i Frantsa, Jean François Carenco dia nanamafy ny voalazan'ny filoha Emmanuel Macron izy, fa fiaraha-miasa ara-tsiansa no ilaina, fa tsy ny famerenana ireo Nosy. Izany dia midika, fa mihevitra hatrany ny fitondrana any Paris, fa azy ireo koa ireo Nosy Malagasy ireo, izay takiantsika hatrany ny fiverenany amin'i Madagasikara. Efa ho 40 taona mahery izay, nitsipaka foana ny fanomezana ireo Nosy ireo ho antsika Malagasy ny frantsay. Be ny harena amin'ireo Nosy ireo, na an-dranomasina, na amin'ireo tany kely ireo, mahatonga azy ireo hifikitra hatrany amin'ny fitantanana an'ireo Nosy Malagasy miisa 5 ireo.

**Stefa**




*Ny ministra delege misahana ireo tany Frantsay ivelan'i Frantsa.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 410**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0409)

***Mitsivalana***
- Sempotra
- Eny – Sefo
- Hiditra
- Any – Io
- Tanàna
- Ala – Mi
- Ar – Afaka

***Mitsangana***
- Sehatra
- Enina
- Midina
- Ala
- Fanitso (miv)
- Teroa
- Rfa – Km (miv)
- Ao - Avia

## TENY MIFANAPAKA N° 410




**Mitsivalana**
**1.** Andramana **2.** Sary tapaka- Mampisafidy – Sakafo **3.** Hita matetika eo amin'ny valopy – Tsiro – Mpanohitra **4.** Marika **5.** Fiantsoana anareo **6.** Tsy tsaroany **7.** Tsirin-teny Mpanao – Ahiahy **8.** Teny fanentanana – Naoty **9.** Miloko mena lalandava – Fitaovana fakana rano **10.** Latsa-dranomasoa

**Mitsangana**
**A.** Toeram-pivarotana – Betsaka **B.** Sambava, Antalaha, Vohemar – Fanampin'anarana **D.** Mari-bola – Olon-tiana (BR) **E.** Tanàn-dehibe **F.** Akaikinao **G.** Fanekana – Tatitra, teny ho entina (miv) – Sata sy voninahitra **H.** Mibaboka, miaiky fa diso (miv) **I.** Faritana **J.** Mpanoritra anarana – Renintsoratra tsy mitovy **K.** Voakasikay tsy nahy

### Valiny Teny mifanaraka 0409

**Mitsivalana**
**1.** Fiarakodia **2.** EM - Avo - Ka (miv) **3.** Namboarina **4.** OM - To (miv) - Ravo (miv) **5.** Mosary **6.** Naka - Elo **8.** Ady - Ora - If **9.** Nindrana **10.** Asa - Malaky (miv)

**Mitsangana**
**A** Fenomanana **B.** Imamo - Sida (miv) **D.** Sikina **E.** Raboana **F.** Avotra - Ory **G.** Koa - Karemy (miv) **H.** Ro - Olana **I.** Ivato - (V)al(a) **J.** Anay (miv) **K.** Mifanaraka

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka

**Ny filoha Marc Ravalomanana mivady, nanome voninahitra ny fanompoam-pivavahana, ho fitokanana ny trano fiangonana sy ho fankalazana an' Andriamanitra, noho ny faha-15 taona niorenan'ny Synodamparitany Antananarivo Andrefana Fitandremana Kristy Fiorenana Ankazomanga.**









